# Ilay Voa Tsara Nafafy 18 Oktobra 2018

# 18 Alakamisy oktobra

**Koa amin'izany aoka ho tanteraka ianareo, toy ny fahatanterahan'ny Rainareo Izay any an-danitra.**
Matio 5. 48

**Mahavonjy tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy *(Jesosy Kristy)*, satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy.** Hebreo 7. 25

## Mpamonjy lavorary

„Tsy misy olona lavorary e !" : teny mampalahelo izany, nefa natao hampiononа. Iza no mbola tsy nahare io teny io ?

Tsy lavorary isika. Andriamanitra kosa dia tanteraka, lavorary. Ary hoy Izy amintsika : „Aoka ho tanteraka ianareo". Zon'Andriamanitra ny manantena fa ireo olona noarìny dia hampiseho ny toetrany, toy ny fahitsiana, hamorampo, fahamarinana... Mahatsapa isika fa lavitra dia lavitra, tsy mahatontontosa izay takian'Andriamanitra. Mamitatena tanteraka izay mihambo ho tsy manan-tsiny. Sa mitaky zavatra be loatra amintsika Andriamanitra ? Tsy zakany ny faharatsiana, ka tsy maintsy faiziny ! Dia tsy misy antenaina ve ? ...

Tena misy ! Raisin'Andriamanitra ireo izay miaiky fa mila famelan-keloka, fa tsy mitady hanafina ny fahadisoany. „Ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataonao tsinontsinona" (Salamo 51. 17).

Tsy tonga teto amin'izao tontolo izao Jesosy mba hiantso ny marina, fa ny mpanota, ireo olona mila fibebahana (Lioka 5. 32). Nijaly Izy ho an'ny mpanota, niaritra teo amin'ny hazofijaliana ny fahafatesana, famaizan'Andriamanitra ny fahotantsika. Maty Ilay Marina, mba hamonjy ny tsy marina, ary nitsangana tamin'ny maty nony avy eo. Andriamanitra dia mandray feno, tsy misy fepetra, ireo izay manatona Azy amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy, Ilay Mpamonjy. Raisin'Andriamanitra izy ireo, raisiny hoe zanany, hamarininy aza, ary ataony manjary lavorary eo anatrehany, satria hitany „ao amin'i Kristy", hitany araka ny fahatanterahana feno ananan'i Kristy. Tsy nijaly tsy amin'antony tsy akory ny Tompo Jesosy. Lavorary ny asa nataony. Deraina Izy !